

VIDANZA MADIO

Sehatra Fanadiovana



TORO-LALANA
FIOFANANA ARA-
TEKNIKA : VIDANZA
MADIO, MORA VIDY

LAHARANA 1.0

PRACTICA
FOUNDATION

washplus
Supportive Environments for Healthy Communities



USAID
FROM THE AMERICAN PEOPLE

Fizahan-takelaka

1. IREO TSARA HO FANTATRA.....	4
1.1 INONA NO ANTSOINA HOE « FOTAKA VIDANZA » ?	4
1.2 IREO KARAZANA « FOTAKA VIDANZA »	4
1.3 FOTAKA VIDANZA : TENA DANGER !.....	5
1.4 RAHOVIANA NO FONGARANA NY LAVAKA ?.....	5
1.5 MANOME FAHAFAHAM-PO HO AN'NY CLIENTS	6
2. IREO TOKONY ENTINA MANAO VIDANZA	7
1.6 FITAOVANA FANAOVANA VIDANZA	7
1.7 FITAOVANA FIAROVANA.....	7
1.8 FITAOVANA MADINIDINIKA.....	8
1.9 FITAOVANA FANADIOVANA	8
3. NY FOMBA FANAOVANA VIDANZA MADIO	9
DINGANA 1 : FIKARAKARANA NY CHANTIER	9
DINGANA 2 : FIKARAKARANA NY FITROHANA.....	10
DINGANA 3 : FITROHANA NY FOTAKA VIDANZA	12
DINGANA 4 : CHARGEMENT	13
DINGANA 5 : FAMARANANA NY CHANTIER.....	14
DINGANA 6 : FITAOMANA NY FOTAKA VIDANZA	14
4. TOERA-PANITRIHANA FOTAKA VIDANZA.....	17

Teny fampidirana

Ny fanaovana « vidanza madio » dia tena ilaina satria ny ankamaroan'ireo kabone aty amin'ny tany andala-pandrosoana dia mbola lava-piringa tsotra, izay tsy maintsy fongarana rehefa feno.

Ny teny hoe « vidanza madio » dia mitaky fanamby lehibe tokoa eo amin'ny lafiny ara-teknika, aratsosialy ary ara-toe-karena. Ny tanjona mantsy dia ny ahafahana mampivoatra ny asa fanaovana vidanza manara-penitra, ho an'ny be sy ny maro, na dia eo aza ny fahakelezan'ny fahefa-mividy sy ny fahasarotan'ny lalana makany amin'ny tokantrano sasantsasany (lalankely hety na tsy tongan'ny fiara) ary ny fahaterentsaina izay mbola mitoetra mafy raha vao miresaka momba ny asa fanadiovana.

Ity toro-lalana izay novolavolain'ireo teknisiana eo anivon'ny fanaovana vidanza eto Madagasikara ity dia ahitana hevitra maromaro azo trandrahana ahafahana manatontosa vidanza amin'ny fomba vaovao : mahomby, madio, ary manara-penitra.

Natokana indrindra izy ho an'ireo mpandraharaoha, na vondron'olona miasa eo amin'ny sehatry ny fitantanana ny diky, satria dia voazava ato avokoa ireo fepetra lehibe takiana mba hamehezana ireo dingana rehetra ilaina amin'ny fanaovana vidanza, ny fiantraikany ara-pahasalamana, ary ireo loza mety hitranga hateraky ny fikirakirana ny diky.

Nampiasaina ny raki-bolana tsotra sy ny sary mba ahafahan'ireo rehetra izay miasa eo amin'ny sehatry ny fanaovana vidanza hahafantatra sy handray ireo toro-hevitra rehetra voalaza, na inona fari-pahaizany, ary na inona trai-kefa ananany eo amin'ity sehatra ity. Ny tanjona dia ny hisintonana ny sain'ny maro hamorona sehatr'asa momba ny vidanza manara-penitra, na hanatsara izay efa misy.

Avy amin'ny alalan'ny tetik'asa fanatsarana ny fitantanana ny vidanza tao Ambositra no namolavolana ity toro-lalana ity, izay mifantoka indrindra amin'ny fampiasana fitaovana fanaovana vidanza izay tena maivana tokoa : pompe manuelle (« gulper »), brancard roulant, sinibe 60L, ary remorque vidanza atohy amin'ny fiara kely. Ireo rehetra ireo dia hita eto an-toerana avokoa.

Ireo toro-marika fanaovana vidanza voalaza ato anatin'ity toro-lalana ity dia notsoahina tamin'ny alalan'ny fitantanana toerana fanitrihana diky iray ao Ambositra, nandrity ny enim-bolana andrana. Mazava ho azy fa ny fomba fanariana ireo diky sy ny fanadiovana ireo fitaovana rehetra ampiasaina amin'izany dia tafiditra ihany koa amin'ny fepetra ilaina amin'ny fitantanana mahomby ny asa vidanza.

Eto am-pamaranana dia tsara ny manatitrantitra fa ny fanaovana vidanza dia samy manana ny maha samihafa azy avokoa, araka ny toerana, na ny karazana diky ho fongarina, sns. Noho izany, tsy afaka hilaza izahay fa ho hitanao ato anatin'ity toro-lalana ity avokoa ny vahaolana rehetra amin'ny olana rehetra mety hitranga. Na izany aza anefa dia hisy ny fanavaozana (mise à jour) matetika an'ity toro-lalana ity arakaraka ny tranga hita mba hahafahana manohy manome toro-hevitra mahomby hatrany. Noho izany indrindra dia ankasitrananay lehibe tokoa ny soso-kevitra avy aminareo izay namaky ity toro-lalana ity izay raisinay ao amin'ny tranok'ala PRACTICA www.practica.org.


Ny fanatontosàna ity toro-lalana ity dia vokatry ny famatsiam-bola USAID (Amerikana) ho an'ny tetik'asa WASH+. Na izany aza dia mbola tsy nohamarinin'ny USAID ho boky teknika izy ity.

1. IREO TSARA HO FANTATRA

1.1 INONA NO ANTSOINA HOE « FOTAKA VIDANZA » ?

Rehefa tsy misy lakan-drano maloto iombonana ao amin'ny tanàna iray dia tsy maintsy aorina eo ambony lavaka ny kabone, ary ao no hiandronan'ireo fivalanandrano sy ny diky.

Rehefa tratry ny hafanana sy ireo biby kely ireo tambatra maloto ireo dia miova ka ireo tsiranoka mitsika any anaty tany, fa ireo ventiny kosa dia tavela ao anaty lavaka, io no antsoina hoe “fotaka vidanza”.




Lava-piringa tsotra

1.2 IREO KARAZANA « FOTAKA VIDANZA »

Ny karazana « fotaka vidanza » dia miankina indrindra amin'ny lavaka izay nitobiany.

Aty Madagasikara dia azo ho tsinjaraina roa : ny “fotaka vidanza lava-piringa » izay hita anaty lava-piringa tsotra, ary ny “fotaka vidanza septika” izay ao anaty “fosses septiques”.



Lavaka « fosse septique »



« Ny fotaka vidanza lava-piringa » dia matetika mazava loko, marihitra ary mahery fofona sy maimbo. Ahitana lalitra sy karazana bibikely ihany koa matetika ao anatiny.



« Ny fotaka vidanza septika » dia mandranoka kokoa ary miloko mainty, tsy dia manelingelina firy ny fofony. Rehefa ao anaty lavaka dia matetika rakotra venty tapisaka eo amboniny.

FANAMARIHANA

Eny amin'ireny kabone iombonana ireny dia mitovy amin'ny “fotaka vidanza lava-piringa” ny ao anaty « fosses septiques » satria tsisy fotoana hiandronany ireo loto.


Ankoatr'izay, ireo lavaka lava-piringa tsotra izay be velarana (mihoatra ny $5m^3$) dia mitovy amin'ny “fotaka vidanza septika » ny ao anatiny.

NY « FOSSE SEPTIQUE »

Ny « fosse septique » dia efi-drano mitsika vita amin'ny béton na amin'ny plastika, mba hiangonan'ireo rano mainty. Kely ireo matiera organika ao anatin'ny diky noho ireo mikraoba ao anatin'y.

Raha ny tena izy, ny « fosse septique » dia tokony :

- misy efitra roa fara-fahakeliny. Ny voalohany dia tokony ho 50% ny halavany rehetra. Raha ohatra ka 2 fotsiny dia tokony ho 2/3 ny halavany rehetra izany ;
- afaka hanangonana ny rano maloto avy amin'ny mpampiasa azy nandrity ny 2 andro ;
- misy fitrohana mba hamoahana ireo rano rehefa voatatavana ;
- afaka mahazaka rano 10L fara-fahakeliny isak'izay mangery ;
- fongarana isaky ny 2 hatramin'ny 5 taona, rehefa mahatratra 2/3 ny hahavon'ny « fosse septique » ny fotaka vidanza ao anatin'y.



Amin'ny ankapobeny, ny tsy fahatomomban'ny fiasan'ny lavaka (fihoarana, vidanza matetika, fofona) dia vokatry ny fanamboarana tsy nanara-penitra na ihany koa ny fampiasana ny lavaka tsy aradana.

1.3 FOTAKA VIDANZA : TENA DANGER !

Na avy aiza fiaviany, ny fotaka avy amin'ny kabone rehetra dia feno mikraoba ary tena loza amin'ny fahasalamana.

Raha mahakasika ny hoditra ireo mikraoba ireo dia mety hiteraka aretina maro samihafa (areti-kibo, areti-koditra, ...).

Ireo fotaka vidanza avy amin'ny toera-pitsaboana dia mety ahitana mikraoba miteraka aretin-doza tokoa.

Mamoaka entona mahafaty ihany koa ny fotaka vidanza. Maro ireo olona maty sempotra rehefa avy niditra tanaty « fosses septiques ».

Farany, ahitana fako mandratra ihany koa ao anaty lavaka (fanindrona, vaki-tavoahangy, ...). Noho izany dia mety ahitan-doza (faharatrana) ny fikasihana ny fotaka vidanza mivantana.

Tandremo !

Ny mpanao vidanza dia tokony hitondra fiarovana hatrany.

Fadio ny mihinana, misotro na mifoka mandritry ny fanaovana vidanza.

Tsy mahazo misotro toaka ireo mpanao vidanza alohan'ny hiasana.

1.4 RAHOVIANA NO FONGARANA NY LAVAKA ?

Tsy voavinavina ny fetra tokony hanaovana vidanza ny lavaka iray. Aty Madagasikara dia fongarana in-telo isan-taona ny lava-piringa tsotra, ary ny « fosses septiques » kosa dia isaky ny 3 hatramin'ny 8 taona. Misy ireo lava-piringa tsotra izay be velarana no afaka ampiasaina mandritry ny 10 taona kanefa dia tsy ilaiana fongorana akory.



Tsara ho fantatra fa :

Tokony ho fongarana ny lava-piringa tsotra rehefa tafakatra avo dia avo ny fotaka ao anatin'y ka tsy ahafahana mampiasa ny kabone araka ny tokony ho izy intsony (mifiritika, be olitra, maimbo, ...).

Ny fotoana mahafeno ny lava-piringa tsotra dia afaka kajiana amin'ny fizàrana ny hadirin'ny lavaka (litatra) amin'ny isan'ny olona mampiasa ny lava-piringa, ary ampitomboina 100. Noho izany, raha olona 10 no mampiasa lavaka mirefy 1m^3 (1000L), dia mety ho feno izany ao anatin'ny 1 taona ($1000 / (100 \times 10) = 1$ taona).



Ny fotaka ao anaty « fosse septique » dia mety hanimba ireo fitatavanana ka hanentsina azy

Ny « fosse septique » dia feno rano hatrany. Raha ny tena izy dia tokony eo amin'ny faritra voalohany no hanaovana ny vidanza rehefa mahatratra 2/3 ny ahavon'ny lavaka ny fotaka ao anatiny. Raha mihoatra mantsy dia mety ho tafahoatra any amin'ny faritra hafa indray ireo fotaka ka mety hanentsina ny lavaka izany.

Indrisy anefa fa matetika dia tara loatra ny fiantsoana ireo mpanao vidanza, rehefa mihoatra ireo fotaka ka manomboka tsentsina ny fitatavanana.


4m^3 ampiasain'olona 10 dia mety ho feno afaka 5 taona ($4000 / (80 \times 10) = 5$ taona).

1.5 MANOME FAHAFAHAM-PO HO AN'NY CLIENTS

Ny asa fanaovana vidanza dia toy ny asa rehetra ka tokony tsy hohadinoin'ireo mpanao vidanza fa tokony omena fahafaham-po hatrany ireo clients, raha tiana ny haharetan'ny asa.

Noho izany, NY EKIPA MPANAO VIDANZA dia tokony :

- ✓ **Hanaja ny fahadiovana** : manao fanamiana madio ary mitandrina ny fahadiovana eo amperin'asa.
- ✓ **Hikendry fomba fiasa mirindra** : atao tsara ny rindran-damina mba ho kely ny fotoana hanaovana vidanza ary mba ho kely ihany koa ny fanelingelenana mety aterak'izany eo amin'ny manodidina.



NY SEFO dia tokony hanaja ireo voalaza eo ambony ireo, fa tokony hahay ihany koa :

- ✓ **Hamaly ny fanontanian'ireo clients** momba ny fotoana fahafenoan'ny lavaka, ny fomba fanamboarana sy fikojakojàna azy raha toa ka « fosse septique ».
- ✓ **Hilaza ny vokantsoa azo avy amin'ny asa madio** raha oharina amin'ny fanaovana vidanza nentim-paharazana (asa madio, haingana, ara-dalàna, ...).

2. IREO TOKONY ENTINA MANAO VIDANZA

1.6 FITAOVANA FANAOVANA VIDANZA



01 Brancard roulant 120L



01 Kit agitateur avec manches et têtes



01 Gulper (pompe manuelle)



18 fûts de vidange 60L



1.7 FITAOVANA FIAROVANA



Combinaison intégrale



Gants caoutchouc



Masque à cartouche



Bottes



Gilets réflecteurs



Imperméables



Lampes frontales

1.8 FITAOVANA MADINIDINKA



02 lots angady, truelles, pelles



01 barre à mine



01 burin



01 massette



01 seau 15L 01 seau vy 10L



Simenitra 01kg



01 décamètre

1.9 FITAOVANA FANADIOVANA



Vata fanadiovana (savony, javel,...)



01 kifafa



01 arrosoir



01 seau 5L

3. NY FOMBA FANAOVANA VIDANZA MADIO

DINGANA 1 : FIKARAKARANA NY CHANTIER

Fanokafana ny lavaka

Ho an'ny lava-piringa tsotra dia afaka hampidirina eo amin'ny lavaka kabone avy hatrany ny paompy fanaovana vidanza.

Ho an'ny « fosses septiques » kosa dia tsy maintsy sokafana izany mba ahafahana mitroka ireo fotaka vidanza ao anatin'ny efitra voalohany.


Indraindray dia ilaina ny hanokafana ny efitra rehetra ao amin'ny « fosses septiques » mba hanamarinana raha mandeha tsara avokoa izy ireo.



Tandremo !

Ny entona izay mivoaka amin'ny fisokafan'ny lavaka dia manempotra sy mety hitera-doza ary mirehitra. Noho izany dia tsy maintsy mitondra aro orona sy vava.

Rehefa misokatra ny lavaka dia avela minitra vitsivitsy aloha hiala izany entona izany ary tsy azo atao ny mifoka sigara.



Fametrahana ny fitaovana

Atao eo amin'ny toerana hiasana ny labasy, miaraka amin'ny sinibe 60L feno rano madio.

Ireo fitaovana avy nampiasaina dia apetraka tsirairay eo ambony labasy mba tsy hiparitahan'ny fotaka vidanza eny antokotany.

DINGANA 2 : FIKARAKARANA NY FITROHANA



Alàna ireo fako tsy azo trohana

Raha misy venty miraikitra eo amin'ny faritra ambony dia tsy maintsy alàna amin'ny lapelle mialoha ary atao anatin'ny sinibe voatokana ho amin'izany.



Halemena ny fotaka vidanza

Amin'ny alalan'ny fitaovana fanakorontanana (agitateur), kikisana sy korontanina mafy ireo fotaka vidanza amin'ny fanaovana fihetsika mihodina sy mitsangana mifanesy. Ny tanjona dia ny hahatonga ireo fotaka vidanza hitsonika mba hahamora ny fitrohana azy.




Tetika !

Afaka ampiana rano kely izay tsy tokony hohoatra ny 20% n'ny fotaka vidanza ho trohana (izany hoe rano 20L ho an'ny fotaka vidanza 1m³). Ny fanakorontanana sy ny fansiana rano dia afaka atao mielanelana mandritry ny fitrohana ny fotaka vidanza.

Fanomanana ny « gulper »

- Apetraka ny « clapet de pied » miaraka amin'ny « crête/panier », eo amin'ny faritra ambany amin'ny fantsona fanariana PVC voalohany. Hidina mafy amin'ny alalan'ny « goupille ».
- Ampidirina ny « piston », miaraka amin'ny « segment de tringle » voalohany (vita amin'ny fantsona « galvanisé ») eny amin'ny lohan'ny fantsona fanariana. Io fantsona PVC io koa no hatao « cylindre ». Ireo rehetra ireo no miaraka voalohany.
- Ampidirina ao anaty fantsona fanariana faharoa ny « segment de la tringle du piston » faharoa. Io no tambatra faharoa.
- Atambatra ireo zavatra roa vita ireo ary hidina mafy. Ny « tringles » no hanombohan'azy (kisary (1)).
- Rehefa vita izany dia atsofoka ao anaty lavaka mba ahafahana mametraka ny « Té » amin'ny PVC, avy eo ny “bouchon de tête” izay vita amin'ny PVC ihany koa. Amin’ity farany no mandalo ny lohan'ny « tringle », ary hametahana mafy ihany koa ny “manche” (kisary (2)).
- Amin'ny faritra mitsivalana amin'ny « Té » no hapetraka ny « dégorgeoir » vita amin'ny fantsona PVC. Rehefa voapetraka ny fametrahan-tongotra izay ahafahana manitsy ny hahavon'ny paompy dia afaka ampiasaina amin'izay ny paompy !




(1)

(2)

DINGANA 3 : FITROHANA NY FOTAKA VIDANZA


Trohana ny fotaka vidanza

Amin'ny alalan'ny « gulper » no hitrohan'ny iray amin'ireo mpanao vidanza ireo fotaka ho any anatin'ny sinibe, na mivantana any anaty remorque. Ny mpanao vidanza iray kosa manitsy ny fantsona fitrohana ao anaty sinibe (na remorque) ho fenoina ary milaza rehefa feno sy tokony hajanona ny fitrohana.



Kikisana ny fotaka vidanza

Rehefa tsy afaka ampiasaina hitrohana ny fotaka vidanza intsony ny « gulper » dia ilaina ny fampiasana lapelle sy seaux. Izany dia mitaky rindran-damina mba hahakely ireo fotaka miparitaka ety ivelany sy tsy hahavery izany.



Fanamarihana !

Tena ilaina amin'ny fiasan'ny lavaka « fosse septique » ireo mikraoba hita ao anaty fotaka vidanza. Noho izany dia tokony hanajanonana fotaka vidanza sahabo eo amin'ny 5 sentimetatra eo any amin'ny fanambaniny. Tsara raha ampahafantarina ny clients izany alohan'ny hanaovana vidanza, ary tokony hilazana ihany koa ry zareo ny hamenoana rano madio ny lavaka alohan'ny hampiasana azy indray.

Fanamarihana !

Raha toa ka tara loatra ny fanaovana vidanza « fosse septique » dia tsaratsara kokoa ny manolo ireo rafitra sy fitaovana rehetra ao amin'ny efitra rehetra ao anatiny. Zavatra hafa tokony ho dinihina amin'ny clients io.

DINGANA 4 : CHARGEMENT

Tanterina anaty fiara ireo fotaka vidanza

Raha ohatra ka tsy tongan'ny fiara ny tokotany hanaovana vidanza dia tanterina amin'ny alalan'ny « brancard de vidange roulant » ireo sinibe misy ireo fotaka vidanza.


Atao eo ambony brancard ireo sinibe, izay afaka batain'olon-droa raha misy sakana (totohatra, tatatra, ...).



Fomba fandrarahana fotaka vidanza

Raha ohatra ka ararakana anaty remorque ireo fotaka vidanza tanaty sinibe dia tsy maintsy tanterina any aoriana izany ary hidina ny remorque isak'izay mahafaona sinibe iray.

Ny brancard dia natao hanampy amin'ny filanjana ireo sinibe rehefa mandraraka izany ao anaty remorque.



Fanamarihana !

Raha toa ianao ka mampiasa 404 bâché, afaka atao ny mitarika remorque mitondra fotaka vidanza milanja 1 taonina ary 1 taonina ao anatin'ny fiara. Sahabo ho fotaka vidanza mirefy $1m^3$ indroa eo ho eo io entina io.


DINGANA 5 : FAMARANANA NY CHANTIER

Averina amin'ny laoniny ny zava-drehetra

Sasàna madio tsara izay nisy fotaka vidanza rehetra. Mampiasà seau (na arrosoir) misy rano madio 15L mifangaro amin'ny « eau de javel » 3 sarony.

Sasàna madio tsara ny fitaovana rehetra, ary ampirimina anaty bidon na anaty toerana voatokana ho amin'izany anaty remorque.

Raha ohatra ka tsy maintsy nanokatra ny lavaka hafa tamin'ny « fosses septiques » dia averina amin'ny toerany avokoa ireo sarony ary lalorana simenitra.




Tadidio tsara !

Ny fahadiovana no ahiahy voalohan'ny clients ary io no anisan'ny hitsarany ny asanao voalohany. Noho izany, ny ekipa mpanao vidanza dia tsy tokony hanajanona loto na fako eo amin'ny toerana niasany.

DINGANA 6 : FITAOMANA NY FOTAKA VIDANZA

Tanterina ny fotaka vidanza

Eto Madagasikara, ny mpampily fiara misy remorque mihoatra ny 750kg dia tokony hanana permis E. Tokony ho voahaja ny fepetra rehetra ilaina ahafahan'ny fiara mitondra remorque mivezivezy (carte grise, plaque d'immatriculation, macaron 45 KH ao aorian'ny fiara, triangle de signalisation, frein...).



Mariho tsara !

Raha toa ka ara-dalàna ny frein' ny fiara izay mitondra remorque, tsara ny manamarika fa ho an'ny remorque milanja 1.000 kg, ny halaviran'ny fijanongan'ny fiara dia mihoatra ny 25 à 30 %, izany hoe manatombo 10 hatramin'ny 15 metatra.

Mariho tsara !


Mivoatra tsy ankiato ny lalàna mifehy ny fitaritana remorque ka tsara raha manaraka izany akaiky ianao. Ny PTRA (poids total roulant en charge) dia hita ao anaty carte grise n'ilay fiara mitarika. Io lanja io dia mitovy amin'ny totalin'ny lanjan'ny fiara mitarika sy ny tarintina feno. Raha ny tokony ho izy, ny lanjan'ny remorque feno dia tsy tokony hihoaatra ny 30% ny lanajan'ilay fiara mitarika feno.

Araraka ny fotaka vidanza

Mila fantarina tsara mialoha raha ampy ny velaran'ny lavaka hanariana ny fotaka vidanza (Any Ambositra, mila lavaka 1m ny halaliny ho an'ny fotaka vidanza mirefy 5m^3).


Atao tonga eo akaikin'ny lavaka ilay remorque mitondra ireo fotaka vidanza. Ajanona ny fiara ary asiana kaly amin'ny kodiaran'ny remorque.

Alefa ny krika amin'ny remorque mba handrarahana ireo fotaka vidanza. Faranana amin'ny fikikisana ny remorque amin'ny alalan'ny lapelle sy kifafa.



Saronana ny lavaka

Raha vantany vao voararaka ireo fotaka vidanza dia saronana avy hatrany ny lavaka fanasitrihana.



Fanatotofana lavaka sy fambolena

Rehefa mahatratra 30 cm miala amin'ny tany ny ahavon'ny fotaka dia tokony hasitrika ao anaty lavaka ary totorana tany eo amboniny (tany azo avy tamin'ny fangadiana lavaka ihany no averina ao).

Ampiana tany matetika eo amboniny mandritry ny andro maromaro mba ho mafy tsara ilay faritra nototorana. Tsy alàna mihitsy aloha ireo sarona eo amboniny.


Afaka 1 volana, arakaraky ny toe-tany sy ireo fotaka, dia hambolena zana-kazo eo amin'ilay faritra nototorana (polownia, kininina,...) ao anaty lavaka mirefy 50 cm ny halaliny ary ampiana zezik'ahitra (compost) roa tanana. Tondrahana matetika mandritry ny andro maromaro mba ho mando lalandava ilay tany haniriany.

Fanadiovana ny remorque sy ireo fitaovana nampiasaina

Tonga dia entina eo amin'ny toerana fanadiovana avy hatrany ny remorque sy ireo fitaovana ho diovina.

Fafana amin'ny kifafa ary sasana amin'ny rano (pompe à eau) ny ambon'ny fotaka vidanza tao anaty remorque.

Faranana amin'ny fanakobanana ireo fitaovana sy remorque amin'ny alalan'ny seau misy rano nasiana chlore izany mba hialan'ireo mikraoba mety ho tavela.



Diovina ny toeram-panadiovana

Rehefa voadio ny fitaovana rehetra dia tokony tsy hisy fotaka vidanza hita intsony n'aiza n'aiza.

Vita izay ny asa, afaka ampirimina avokoa ny fitaovana rehetra miaraka amin'ny fiara sy ny remorque. Ireo mpanao vidanza dia tokony hidio tsara amin'ny savony ihany koa.



4. TOERA-PANITRIHANA FOTAKA VIDANZA

